# Fampianarana maoderina izay mifandray amin'ny fanevan'ny fahafahana

### "Ho fahatsiarovana ny Andriamanitsika"

Nampianatra toy izao ny Loholona Neil L. Andersen ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:




Misy ny maro eto amin'izao tontolo izao izay tena kely no fantany momba an'i Jesoa Kristy, ary any amin'ny faritra sasany eto amin'izao tontolo izao izay efa nanambarana ny anarany nandritra ny taonjato maro, dia mihena ny finoana an'i Jesoa Kristy. . . .

Raha toa ka mihena ny firesahan'izao tontolo izao an'i Kristy dia ndeha isika hiresaka bebe kokoa momba Azy. Rehefa miseho ny tena maha-mpianany antsika, dia maro amin'ireo manodidina antsika no ho vonona hihaino. (Neil L. Andersen, "Miresaka an'i Kristy isika," *Liahona*, nôv. 2020, 88, 90)

### "Ho fahatsiarovana ny . . . fivavahantsika"

Nampianatra toy izao ny Filoha Dallin H. Oaks ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



Raha mitsahatra manome lanja ny fiangonantsika isika na inona na inona antony dia tandindomin-doza ny fiainantsika ara-panahy, ary ny maro an'isa izay manasaraka ny tenany amin' Andriamanitra dia mampihena ny fitahiany ho an'ny firenentsika.

Manampy antsika ho lasa olona tsara kokoa sy ho fitaomana tsara kokoa eo amin'ny fiainan'ny hafa ny fanatrehana sy ny fahazotoana ao amin'ny fiangonana iray. Ampianarina antsika ao am-piangonana ny fomba fampiharana fitsipika ara-pivavahana. Mianatra avy amin'ny olona tsirairay isika. . . .

Mivavaka aho mba hiorina mafy avokoa isika ao anatin'ireo zavatra iainana any am-piangonana ireo rehefa eo am-pikatsahana fiainana mandrakizay, ny lehibe indrindra amin'ny fanomezana rehetra avy amin' Andriamanitra, amin'ny anaran' i Jesoa Kristy, amena. (Dallin H. Oaks, "Ny ilàna Fiangonana," *Liahona*, nôv. 2021, 24, 26)

### "Ho fahatsiarovana ny . . . fahafahantsika"

Nampianatra toy izao ny Loholona Ronald A. Rasband ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:



Inona no atao hoe fahalalahana ara-pivavahana?

Izany dia ny fahalalahana hitsaoka amin'ny endriny rehetra: fahalalahana hiangona, fahalalahana miteny, fahalalahana manao araka ny finoan'ny tena manokana, ary fahalalahan'ny hafa hanao toy izany koa. Ny fahalalahana ara-pivavahana dia mamela ny tsirairay amintsika hanapa-kevitra ho antsika mikasika ny zavatra inoantsika, ny fomba fiainantsika sy ny fihetsitsika araka ny finoantsika, ary ny zavatra andrasan' Andriamanitra amintsika. . . .

Manasa anareo aho mba ho mpivoy ny foto-kevitry ny fahalalahana ara-pivavahana. Izany dia fanehoana ny fitsipiky ny fahafahana misafidy izay avy amin' Andriamanitra.

Ny fahalalahana ara-pivavahana dia manana hery mifandanja hanoherana ny herin'ireo haifoto-kevitr'izao tontolo izao izay mifaninana aminy. Tsy mitombo ny zavatra tsara entin'ny fivavahana sy ny zavatra voakasik'izany ary ireo fihetsika feno fitiavana amin'ny andavanandro izay entanin'ny fivavahana raha tsy rehefa arovantsika ihany ny fahalalahana haneho sy hiaina araka ireo finoantsika fototra. (Ronald A. Rasband, "Mba hanasitrana izao tontolo izao," *Liahona*, mey 2022, 91, 93)

## “Ho fahatsiarovana ny . . . fandriampahalemantsika”

Nampianatra toy izao ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo:



Ilay Mpanasitrana ny ratra rehetra, Izy ilay manitsy ny fahadisoana rehetra, dia mangataka antsika hiara-hiasa Aminy amin’ilay asa sarotry ny fitondrana fiadanana ao anatin’ny tontolo iray izay tsy hahita izany amin’ny fomba hafa izay misy. . . .

. . . mangataka antsika aho mba ho mpitondra fiadanana—mba hitia ny fiadanana, mba hikatsaka ny fiadanana, mba hamorona ny fiadanana, mba hankamamy ny fiadanana. Amin’ny anaran’Ilay Andrian’ny Fiadanana no hanaovako izany fangatahana izany. (Jeffrey R. Holland, “Ny fanompoana fampihavanana,” *Liahona*, nôv. 2018, 79)

## “Ho fahatsiarovana ny . . . ny [fianakavian]tsika”

Nampianatra toy izao ny Rahavavy Bonnie L. Oscarson izay Filohan’ny Zatovovavy Maneran-tany teo aloha:



Ny olona tsirairay, na manambady na tsy manambady na manan-janaka na tsia, dia afaka ny ho tonga mpiaro ny drafitry ny Tompo izay voafaritra ao anatin’ilay fanambarana momba ny fianakaviana. Raha io no drafitry ny Tompo dia io ihany koa no tokony ho drafitsika! . . .

. . . Andeha isika hanampy amin’ny fananganana ny fanjakan’ Andriamanitra amin’ny alalan’ny fijoroana amim-pahasahiana sy ho tonga mpiaro ny fanambadiana, ny maha-ray aman-dreny ary ny tokantrano. Ilain’ny Tompo isika mba ho lasa miaramila be herimpo, sy mahatoky ary tsy voahozongozona, izay hiaro ny drafiny sy hampianatra ireo fahamarinana avy Aminy amin’ireo taranaka vao misondrotra. (Bonnie L. Oscarson, “Mpiaro ilay Fanambarana momba ny fianakaviana,” *Liahona*, mey 2015, 15, 17)

NY FIANGONAN’ I JESOA KRISTY HO AN’ NY OLOMASIN’ NY ANDRO FARANY

© 2023 an’ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_332-teacher_handout-1